


# Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana Institiota

# Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana institiota

Navoakan'
Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

Horaisina an-tanan-droa ireo fanamarihana sy fanitsiana. Alefaso amin'ity adiresy manaraka ity izany miaraka amin'ireo fahadisoana:

Seminaries and Institutes of Religion Curriculum Services
50 East North Temple Street
Salt Lake City, Utah 84150-0008
USA
Email: si-research@ldschurch.org
Mba soraty azafady ny anaranao feno, ny adiresinao, ny paroasy sy ny tsatòka misy anao.

Aza adinoina ny manome mazava ny lohatenin'ilay boky. Avy eo dia zarao ny fanamarihana avy aminao.

© 2016, 2017 an'ny Intellectual Reserve, Inc.
All rights reserved
Natonta tany Etazonia
Andiany 2, 3/17

Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 2/17
Fankatoavana ny fandikana 2/17
Fandikana ny *Institute Elevate Learning Experience*
Malagasy
PD60002572 654

# Votoatiny

Teny Fanolorana . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . v
Ireo fanontaniana ao amin'ny taranja Vatofehizoro . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 1
Ny fianakaviana mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-200) . . . . . . . . . . 4
Ireo fototry ny Famerenana amin'ny laoniny (Fianarana ny filazantsara faha-225) . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 7
I Jesoa Kristy sy ny filazantsara maharitra mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-250) . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 11
Ireo fampianarana sy fotopampianaran'ny Bokin'i Môrmôna (Fianarana ny filazantsara faha-275) . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 15
Ireo fanontaniana mikasika ny taranja ankapobeny azo safidiana hatao na tsia . 18
Diary fandalinana ny taranja . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . 22
Torolalana amin'ny tetikasa mikasika ny fianaran'ny tena manokana . . . . . . . 24
Fikarakarana ireo mpianatra manana fahasembanana . . . . . . . . . . . . . . . . . 25

# Fampahafantarana ny Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana institiota

Ny tanjon'ny Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana (ATF) dia ny hanomezana ny mpianatra fahafahana hanana traikefa manan-danja momba ny tenin' Andriamanitra. Ho tratran'ny mpianatra kokoa io tanjona io rehefa mahatakatra bebe kokoa, sy mampihatra, ary mizara ny fampianaran'i Jesoa Krisy izy ireo. Takina ny hahavitana ny iray amin'ireto ATF telo manaraka ireto mba hahazoana ny isa tratrarina ho an'ny fandaharam-pianarana tsirairay:

1. Ireo fanontaniana momba ny Asondroty ny Traikefan'ny Fianarana: Ny mpianatra dia mandinika sy mamaly fanontaniana hoenti-mandalina mandritra ny fandaharam-pianarana. Misy ireo fanontaniana manokana ho an'ny tsirairay amin'ireo fandaharam-pianarana Vatofehizoro efatra ary koa fanontaniana ankapobeany azo safidiana hatao na tsia ho an'ireo fandaharam-pianarana hafa rehetra. Ireto eto ambany ireto ireo rohy ahitana ireo fanontaniana hoenti-mandalina.

    Ny fianakaviana mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-200)

    Ireo fototry ny Famerenana amin'ny laoniny (Fianarana ny filazantsara faha-225)

    I Jesoa Kristy sy ny filazantsara maharitra mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-250)

    Ireo fampianarana sy fotopampianaran'ny Bokin'i Môrmôna (Fianarana ny filazantsara faha-275)

    Ireo taranja ankapobeny azo safidiana hatao na tsia

2. Diary fandalinana soratra masina: Iraketan'ny mpianatra tsy tapaka ny zavatra izay ianarany, sy ny fomba hampiharany izany, ary ny fomba nanatanjahan'ny traikefa nananany ny finoany an'i Jesoa Kristy.

3. Tetikasa fianaran'ny tena manokana: Manao drafitra ary mamita drafitrasa fianaran'ny tena manokana izay nankatoavin'ny mpampianatra azy ireo ny mpianatra. Ahitana soritra ny fianarana sy ny fampiharana ny fotopampianarana ary ny fitsipika resahina ao amin'ny fandaharam-pianarana ilay drafitrasa ary mamintina ihany koa ny fomba nampatanjahana ny finoan'ny mpianatra an'i Jesoa Kristy.

Ho fanazaran-tena amin'ny fomba fampiasana ireo fanontaniana ao amin'ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana dia jereo ilay horonantsary "How to Use the Elevate Learning Experience" (LDS.org).

Hahazo tombony bebe kokoa avy amin'ity traikefa ity ny mpianatra raha toa ka manomboka aloha, manao izany matetika, sy mikatsaka ny hahazo tatitra, ary

mizara ny traikefan'izy ireo amin'ny fianakaviany sy ny namany, na mivantana na amin'ny tambazotra ifaneraserana. Azo arindra ny fotoam-pianarana mba hanomezana fahafahana ny mpianatra hanazava, hizara, ary hijoro ho vavolombelona momba ny zavatra nianarany momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany. Aorian'ny fotoam-pianarana tsirairay, dia azon'ny mpianatra atao ny manampy na manitsy ny drafitrasa amin'ny fianaran'izy ireo manokana mba hanehoana ny fahatakarana sy ny fampiharan'izy ireo manokana ny fitsipiky ny filazantsara izay noresahana.

Misy fanazavana fanampiny azo jerena ao amin'ny Ireo fanontaniana apetraka matetika (Frequently Asked Questions na FAQ) mahakasika ny Asondroty ny Traikefan'ny Fianarana ho an'ny Institiota.

Alefaso any amin'ny si-research@ldschurch.org azafady ny fanamarihana avy aminao.

# Ireo fanontaniana ao amin'ny taranja Vatofehizoro

## Toromarika ho an'ny mpampianatra



Ity Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana ity dia ho an'ireo mpianatra institiota izay manaraka ny taranja Vatofehizoro. Ity traikefa amin'ny fianarana ity dia ahitana andiam-panontaniana izay fameno manan-danja ho an'ireo vakiteny nampanaovina sy ny fandraisana anjara ao an-dakilasy. Tsy voatery ho lava ny valintenin'ny mpianatra, saingy tokony haneho ny ezaka tsara indrindra avy amin'izy ireo izany. Asaina ireo mpianatra mba hanoratra, hamerina hijery, hanatsara ary hanatitra ny valin'ireo fanontaniana ireo mandritra ny fandaharam-pianarana, ka manampy azy ireo ianao amin'izany. Na dia amporisihina hanoratra ny valinteniny amin'ny fotoana ivelan'ny fampianarana aza ny mpianatra dia azonao atao ny manokana fotoam-pianarana vitsivitsy hanaovana ireo zavatra ireo.

Na dia mila amboarina mba hifanaraka amin'ny fandaharam-potoan'ny tsirairay aza ny maro amin'ireo antsipirian-javatra amin'ny fanatanterahana sy ny fanaraha-maso dia hanampy anao sy ny mpianatrao mba hanana traikefa mahomby ireto dingana manaraka ireto.

1. *Miomana:* Mialoha ny hanombohan'ny fandaharam-pianarana dia mametraha daty hanaovana famerenana sy fe-potoana hanateran'ny mpianatra ny valintenin'izy ireo ho an'ny fanontaniana tsirairay. Mety misy mpampianatra sasany maniry ny hanaovana ny famerenana na ny fanaterana ny valinteny rehetra amin'ny andro iray manakaiky ny fiafaran'ny tapa-taona; ny hafa mety hanapa-kevitra ny hanaovana ny famerenana na fanaterana tsirairay ny valinteny amin'ny fotoana samy hafa mandritra ny fandaharam-pianarana. Ataovy izay hahavitanao mampianatra ny lesona ilaina mialoha ny hangatahanao ny mpianatra mba hamaly ireo fanontaniana izay mifandraika amin'izany lesona izany.
2. *Mametraka mazava tsara ny zavatra andrasana:* Omeo tahadikan'ny Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana ireo mpianatra any amin'ny fiandohan'ny fandaharam-pianarana. Makà minitra vitsivitsy hanazavana mazava tsara ny tanjona sy ny zavatra andrasana amin'ity traikefa ity, anisan'izany ireo daty izay hanaovana famerenana ireo lesona sy hanaterana ireo valinteny.

3. *Manara-maso:* Ampaherezo sy ampio tsy tapaka ny mpianatra rehetra mandritra ny fandaharam-pianarana rehefa miezaka mba hamita ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana amin'ireo fotoana voatondro izy ireo.
4. *Manao famerenana:* Amin'ireo andro natokanao hanaovana ny famerenana dia asao sy ampahatsiahivo ny mpianatra mba hitondra ny valintenin'izy ireo any am-pianarana. Ny tanjon'ny famerenana dia ny hanampy ny mpianatra hanao tomban'ezaka ny valintenin'izy ireo sy hizara ny zavatra nianarany. Mety hahazo tombontsoa ny mpianatra rehefa miara-mamerina mijery tsiroaroa na ao anatin'ny vondrona kely ny asan'ny tsirairay. Azonao atao manan-danja kokoa ilay famerenana rehefa manasa ireo mpianatra mba hanazava sy hizara ary hijoro ho vavolombelona momba ny zavatra izay nianarany ianao (jereo ny *Fampianarana sy Fianarana ny Filazantsara: Boky torolalana ho an'ireo Mpampianatra sy Mpitarika ao amin'ny Seminera sy Institiota Fianarana ny Filazantsara* [2012], 10). Tokony handany 10 ka hatramin'ny 15 minitra isaky ny fanontaniana ianao mandritra ny famerenana. Amporisihina ireo mpianatra mba hanatsara ny valintenin'izy ireo raha ilaina izany mialoha ny hanaterana ny valinteniny farany.
5. *Manatitra ny valinteny:* Manatitra ny valintenin'izy ireo any aminao ireo mpianatra amin'ny fiafaran'ny fandaharam-pianarana. Nahavita ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana ny mpianatra rehefa nanao ezaka araka ny tokony ho izy, arakaraka ny fahitan'ny mpampianatra azy, mba hanoratra sy hanatsara ary hanatitra ny valintenin'izy ireo ho an'ireo fanontaniana rehetra amin'ilay taranja. Raketo ao amin'ny firaketana naoty ao amin'ny WISE ireo izay manatitra ny valinteniny.

*Fanamarihana:* Ataovy izay hananan'ireo mpianatra manana filàna manokana, na fahasembanana, na olana ara-pahasalamana ny zavatra ilain'izy ireo mba handraisany anjara amin'ity fitsapam-pahaizana ity mitovy amin'izay ataon'ireo mpianatra namany. Mety ho fanaovana printy zavatra nohalehibeazina na fitaovana navadika ho horonampeo ny fanovàna sasany atao mba hahafahan'ny mpianatra mamita ny valinteny miaraka amin'ny fanampian'ny hafa, mba hahafahan'izy ireo manatitra valinteny am-bava fa tsy an-tsoratra, na manonona ny valintenin'izy ireo amin'ny mpitantsoratra na fitaovana fakàna feo iray. Tsidiho ny lds.org/topics/disability mba hahitana ireo fampahafantarana ankapobeny momba ny fanampiana ireo olona manana fahasembanana.

## Toromarika ho an'ny mpianatra

Ity Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana ity dia ahitana fanontaniana maromaro izay fameno manan-danja amin'ny fandraisanao anjara ao am-pianarana sy amin'ny fandalinanao ireo zavatra asaina vakina. Hanampy anao hampitombo bebe kokoa ny fahatakaranao sy ny fampiharanao ny filazantsara ny manao zavatra araka ny valin'ireo fanontaniana ireo mandritra ny fandaharam-pianarana rehefa saintsaininao sy zarainao ny zavatra nianaranao. Vitao ireto dingana manaraka ireto ho an'ny fanontaniana tsirairay:

1. *Manorata* valiny mirindra ho an'ny fanontaniana tsirairay ka ampiasao ny teninao manokana. Tohano amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany ireo valinteninao. Alaivo antoka fa mendrika ny ho zaraina ny valinteninao.

2. *Avereno jerena* ny valinteninao ka ento any am-pianarana izany amin'ny daty (na ireo daty) izay nomen'ny mpampianatra anao.
3. *Hatsarao* ny valinteninao araka ilay famerenana natao, raha ilaina izany.
4. *Atero* ny valinteninao farany ho an'ny fanontaniana rehetra amin'ny daty (na ireo daty) izay nomen'ny mpampianatra anao.

Tokony hovitaina amin'ny fotoana ivelan'ny fianarana ny valinteninao raha tsy hoe asaina manao ankoatra izany ianao. Raha manana filàna manokana, fahasembanana, na olana ara-pahasalamana ianao dia miresaha amin'ny mpampianatra anao mba hahafahany manisy fanovàna hanampiana anao hahavita ity traikefa ity. Tian'ny mpampianatra anao ianao mba hahomby amin'ity traikefa ity ary vonona izy ny hanampy anao mba ho feno fahombiazana.

# Ny fianakaviana mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-200)

## Fanontaniana



1. Nahoana ny fianakaviana no ivon'ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any An-danitra?

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Famaritana ireo tanjona fototry ny drafitry ny famonjena.
   - Fanazavana mikasika ny fomba hitondran'ireo fianakaviana marina fanampiana amin'ny fanatanterahana ireo tanjona ireo ao anatin'ny mandrakizay.
   - Fanazavana mikasika ny antony maha-manan-danja aminao sy amin'ny fivoaranao mandrakizay ny fotopampianarana momba ny fianakaviana.
   - Fanazavana mikasika ny fiantraikan'ny fahatakaranao ny anjara asa fototry ny fianakaviana ao amin'ny drafitry ny famonjena amin'ireo safidy ataonao eto amin'ity fiainana ity.

2. Inona avy ireo fenitry ny Tompo momba ny fanambadiana?

   Ny valinteninao dia tokony hahitana fanazavana mikasika:

   - Ny anjara asa sy andraikitra masina sahanin'ny vady sy ny ray aman-dreny.
   - Ny anjara asan'ny Mpamonjy ao anatin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana.
   - Ireo lalàna mifehy ny fahadiovam-pitondrantena sy ny fahatokiana ao anatin'ny fanambadiana ary ny toetra mandrakizain'ireo lalàna ireo.
   - Ireo fomba azonao hampiharana ireo fitsipika ireo mba hiomanana amin'ny fanambadiana sy ny fianakavianao na hanatsarana izany.

3. Inona no fiantraikany tsara nentin'ny fandalinana ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" (*Ensign* na *Liahona,* nôv. 2010, 129) teo amin'ny fiainanao nandritra ity fandaharam-pianarana ity?

   Afaka mifototra amin'ireo hevitra na mampifandray ireo hevitra avy amin'ireo valinteninao teo aloha ianao na manoratra lohahevitra vaovao. Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Fanazavana fitsipika na fotopampianarana iray voafaritra tsara avy amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana, miaraka amin'ny fanazavana

fanampiny izay nampiasana ny soratra masina na ny tenin'ireo mpaminanin'ny andro farany.

- Fanazavana mikasika ny fomba nanampiana anao hahatakatra tsara kokoa ilay fitsipika na fotopampianarana nofidinao noho ny fanarahana ny torohevitr'ireo mpaminany.
- Ohatra amin'ireo fitahiana noraisinao na ny olona hafa rehefa nanaraka ny torohevitra ao amin'ny fanambarana ho an'ny fianakaviana.
- Fanoritsoritana ny zavatra hataonao mba hiainana feno kokoa mifanaraka amin'ilay fitsipika na fotopampianarana nofidianao.

## Ireo hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana

Ireto fampahafantarana manaraka ireto dia nangonina avy tamin'ny fampiasana ireo hevi-baventy hita ao anatin'ireo lesona ao amin'ity fandaharam-pianarana ity. Ny tarehimarika ao anaty fononteny izay manaraka ireo teny notsongaina dia manondro ny laharan'ny lesona ao amin'ny *Ny fianakaviana mandrakizay: boky torolalana ho an'ny mpampianatra* (2015) izay ahitana ilay teny nambara. Ampitahao amin'izao fampahalalana eto ambany izao ny valinteninao. Raha toa ka misy hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana avy amin'ity famerenana ity izay tsy nampidirinao tao amin'ny valinteninao dia hatsarao aloha ny valinteninao mialoha ny hanaterana izany. Tsy voatery handika ara-bakiteny ity fampahalalana ity ao amin'ny valinteninao ianao fa ataovy fotsiny izay hahatakaranao ireto fotopampianarana ireto ka ampitao izany fahatakarana izany. Koa satria mitaky valiny mahakasika ny tena manokana ny fanontaniana faha-3 dia tsy misy hevi-baventy ho an'izany fanontaniana izany.

1. Nahoana ny fianakaviana no ivon'ny drafitry ny fahasambaran'ny Raintsika any An-danitra?

   Ny tanjona fototry ny drafitry ny famonjena:

   - "Manome fomba iray ahafahantsika ho tonga tahaka ireo Ray aman-drenintsika any An-danitra ny drafitry ny Ray any An-danitra" (3).
   - "Ny tany dia nohariana mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona" (4).

   Ny fomba hitondran'ireo fianakaviana marina fanampiana amin'ny fanatanterahana ireo tanjona ireo ao anatin'ny mandrakizay:

   - "Ny fianakaviana dia fototry ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny fiainana talohan'ny nahaterahana sy ety an-tany ary mandrakizay" (6).
   - "Noho ny Fahalavoana, dia afaka niteraka i Adama sy i Eva ary ny taranany dia afaka mivoatra mankany amin'ny fiainana mandrakizay" (4).
   - "Amin'ny alalan'ny vatantsika isika, dia miaina anatin'ny toetoetran'ny fiainana an-tany izay afaka manomana antsika ho amin'ny mandrakizay" (5).
   - "Rehefa miditra ao amin'ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana isika dia afaka ny ho asandratra ao amin'ny

ambaratongam-boninahitra ambony indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy" (15).

2. Inona avy ireo fenitry ny Tompo momba ny fanambadiana?

   Ny anjara asa sy andraikitra masina sahanin'ny vady sy ny ray aman-dreny:

   - "Ny mpivady dia manana andraikitra feno voninahitra mba hifankatia sy hifampikarakara" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," 129).
   - "Rehefa ateraky ny mpivady ny zaza iray, dia manatanteraka ny ampahan'ny drafitry ny fahasambarana avy amin'ny Raintsika any An-danitra izy ireo" (17).
   - "Didiana ny ray aman-dreny mba hampianatra ny zanany hifankatia sy hifanompo, hitandrina ireo didin' Andriamanitra, ary ho olom-pirenena vanona" (22).

   Ny anjara asan'ny Mpamonjy ao anatin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana:

   - "Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahafahan'ny tsirairay avy amintsika mandray ireo fitahiana rehetra nampanantenain'ny Raintsika any An-danitra amin'ny farany" (24).
   - "Rehefa manorina ny fototr'izy ireo eo amin'i Jesoa Kristy ny fianakaviana dia tsy hanana hery handravana azy ireo i Satana" (19).

   Ireo lalàna mifehy ny fahadiovam-pitondrantena sy ny fahatokiana ao anatin'ny fanambadiana ary ny toetra mandrakizain'ireo lalàna ireo:

   - "Ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy dia tendrin' Andriamanitra" ("Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," 129).
   - "Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady ara-dalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana" (Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo Izao," 129) (16
   - "Ny fiovana eo amin'ny lalàn'ny fanjakana dia tsy afaka na oviana na oviana hanova ny lalàna ara-pitondrantena izay napetrak' Andriamanitra. Miandry antsika hanohana sy hitandrina ny didiny Andriamanitra na dia eo aza ireo fomba fihevitra na fironana mifanohitra amin'izany eo amin'ny fiaraha-monina" (voalaza ao amin'ny Gospel Topics (ireo Lohahevitra ara-pilazantsara), "Same-Sex Marriage (Ny fanambadiana eo amin'ny samy lahy na ny samy vavy)," lds.org/topics) (7).

# Ireo fototry ny famerenana amin'ny laoniny (Fianarana ny filazantsara faha-225)

## Fanontaniana



1. Ahoana no ahafahako manavaka ny fahamarinana sy fahadisoana?

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Ny anjara asan'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany maoderina ary ny Fanahy Masina amin'ny fampiorenana ny fahamarinana.
   - Ny fomba ahafahan'ny fandalinana sy ny finoana ary ny vavaka manampy anao hianatra fahamarinana.
   - Ny fomba hahitana sy handanjalanjana ary hampiasana ireo loharano azo antoka mikasika ny tantaran'ny Fiangonana sy ny fotompampianarany izay nambara.
   - Ny fomba ahafahanao mampihatra ireo fitsipika izay nianaranao mba hanavahana ny fahamarinana amin'ny fahadisoana rehefa miatrika fanapahan-kevitra, na fanamby, na olana ianao na ny olona fantatrao.

2. Nahoana no zava-dehibe amiko ny mahatakatra fa i "Joseph Smith … dia efa nahavita mihoatra noho ny olona rehetra niaina teto, afa-tsy i Jesoa irery ihany, ho famonjena ny olona eo amin'ity izao tontolo izao ity"? (F&F 135:3).

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Ny anjara asan'ny Fahitana Voalohany ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara sy ao amin'ny fisokafan'ny fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny fotoana.
   - Ny fomba nitahiana ny fiainanao noho ny fahamarinana iray izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith.
   - Ny fomba nitahiana ny fiainanao noho ireo fanalahidin'ny Fisoronana na ireo ôrdônasin'ny famonjena naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith.
   - Ny fomba ahafahan'ny anjara asan'i Joseph Smith tao amin'ny famerenana amin'ny laoniny mitondra anao hanakaiky bebe kokoa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy.

3. Ny fomba nitahiana ny fiainanao noho ny iray amin'ireto zava-nitranga manan-danja na ireto fotopampianarana tamin'ny Famerenana amin'ny laoniny ireto.

   a) Ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna, b) ireo fizarana manan-danja sy fotopampianarana ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, d) ny famerenana amin'ny laoniny ny fisoronana, e) ireo tempoly sy ny asa atao any amin'ny tempoly. Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Ny zavatra nianaranao mikasika an'io tranga io na io fotopampianarana io avy amin'ny fandraisanao anjara tato amin'ity fandaharam-pianarana ity.
   - Ny fomba anehoan'io tranga io na io fotopampianarana io fa misokatra ny lanitra.
   - Ny fomba nitahiana ny fiainanao noho io tranga io na io fotopampianarana io sy ny antony maha-manan-danja an'izany manokana aminao.
   - Ny fijoroanao ho vavolombelona momba ny zavatra nianaranao mikasika ny filazantsara naverina amin'ny laoniny.

## Ireo hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana

Ireto fampahafantarana manaraka ireto dia nangonina avy tamin'ny fampiasana ireo hevi-baventy hita ao anatin'ireo lesona ao amin'ity fandaharam-pianarana ity. Ny tarehimarika ao anaty fononteny izay manaraka ireo teny nalaina dia manondro ny laharan'ny lesona ao amin'ny *Boky torolalana ho an'ny mpampianatra: Ireo fototry ny famerenana amin'ny laoniny* (2015) izay afaka ahitana ilay teny nambara. Ampitahao amin'izao fampahalalana eto ambany izao ny valinteninao. Raha toa ka misy hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana avy amin'ity famerenana ity izay tsy nampidirinao tao amin'ny valinteninao dia hatsarao aloha ny valinteninao mialoha ny hanaterana izany. Tsy voatery handika ara-bakiteny ity fampahalalana ity ao amin'ny valinteninao ianao fa ataovy fotsiny izay hahatakaranao ireto fotopampianarana ireto ka ampitao izany fahatakarana izany. Koa satria mitaky valiny mahakasika ny tena manokana ny fanontaniana faha-3 dia tsy misy hevi-baventy ho an'izany fanontaniana izany.

1. Ahoana no ahafahako manavaka ny fahamarinana sy fahadisoana?

   Ny anjara asan'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany ary ny Fanahy Masina amin'ny fanamafisana ny fahamarinana:

   - Amin'ny maha-mpiara-miasa amin'ny Baiboly azy dia "navoaka ny Bokin'ny Môrmôna sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana mba hitondra famonjena an'izao tontolo izao" (22).
   - "Ny Fanahy Masina dia afaka manampy antsika hahafantatra raha toa ka marina ireo zavatra izay vakintsika " (10).
   - "Raha mihaino ny tenin'ny mpaminany isika, dia ho voaro amin'ny fahavalo" (9).
   - "Rehefa miteny amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina ny mpanompon'ny Tompo dia mampita ny fikasan'ny Tompo ny tenin'izy ireo" (12).

Ny fomba ahafahan'ny fandalinana sy ny finoana ary ny vavaka manampy anao hianatra fahamarinana:

- "Rehefa ampidirintsika ao amin'ny dingan'ny fianarana ny finoana dia ho mendrika ny fanampian'ny Tompo isika" (10).
- "Afaka mahita ny valin'ireo fanontaniana lehibe indrindra izay ananantsika isika rehefa mankatò ny didy sy mandalina ireo loharanom-pahalalana azo antoka—indrindra ny tenin'ireo mpaminany velona—sy mikatsaka fitarihana amin'ny alalan'ny vavaka ary manana faharetana sy finoana" (10).
- "Raha tojo fanontaniana na fisalasalana mikasika ny filazantsara isika dia tokony hihazona mafy amin'izay zavatra efa fantatsika fa marina ka hahatoky fa na isika afaka hahita valiny amin'ny alalan'ny fandalinana bebe kokoa na hambaran' Andriamanitra amin'ny fotoana manaraka ny valiny" (4).

Ny fomba hahitana sy handanjalanjana ary hampiasana ireo loharano azo antoka:

- "Afaka mampahatsiahy an'ilay olona mikatsaka marina ny hahafantatra isika fa tsy misy sivana hanesorana ireo fampahalalana tsy marina ao amin'ny Internet. "Ny fampahalalana sasany, na dia mandresy lahatra tahaka ny inona aza, dia tsy marina tsotra izao" (10; Neil L. Andersen, "Joseph Smith," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2014, 29).
- "Mba tsy ho voafitaky ny fampahalalana diso sy mamitaka dia tokony hikaroka ireo loharanom-pahalalana azo antoka momba ny Fiangonana sy ny tantarany ireo izay mikatsaka ny fahamarinana" (2).
- "Rehefa manomboka amin'ny fanombantombanana ireo fomba fanao ankehitriny sy ireo hevitra aroso izay mifanohitra amin'ireo zavatra fantatsika momba ny drafitr' Andriamanitra sy ireo fitsipika nomena ao amin'ny tenin' Andriamanitra ary ireo fampianaran'ny mpaminany velona isika, … dia fantatsika fa mametraka antsika amin'ny toerana azo antoka mandrakizay izany" (10; Dallin H. Oaks, "As He Thinketh in His Heart" [takariva niaraka tamin'ny Loholona Dallin H. Oaks, 8 feb. 2013], lds.org/broadcasts).

2. Nahoana no zava-dehibe amiko ny mahatakatra fa i "Joseph Smith … dia efa nahavita mihoatra noho ny olona rehetra niaina teto, afa-tsy i Jesoa irery ihany, ho famonjena ny olona eo amin'ity izao tontolo izao ity"? (F&F 135:3).

Ny anjara asan'ny Fahitana Voalohany ao amin'ny Famerenana amin'ny laoniny sy ny fisokafan'ny fotoampitantanan'ny fahafenoan'ny fotoana:

- "Tafaverina tamin'ny laoniny teto an-tany ireo fahamarinana mandrakizay rehefa niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy" (2).
- "Rehefa mahazo fijoroana ho vavolombelona isika fa nahita an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy Zanany i Joseph Smith dia afaka mahafantatra ny fahamarinan'ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsara ihany koa isika" (2).

- "Nantsoin' Andriamanitra hamerina amin'ny laoniny ny filazantsara ho an'ity fotoampitantanana misy antsika ity i Joseph Smith" (1).

Ny fomba nitahiana ny fiainanao noho ny fahamarinana iray izay naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith:

- "Olona velona sy nomem-boninahitra i Jesoa Kristy. I Jesoa Kristy no Ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray. I Jesoa Kristy no ilay Mpamorona an'izao tontolo izao sy ireo tontolo hafa" (13).
- "Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany no ilay hany Fiangonana marina sy velona eto ambonin'ny tany" (6).
- "Amin'ny maha-zanaky ny Ray any An-danitra antsika dia manana ny fahafahana ny ho tonga tahaka Azy isika" (17).
- "Tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith, ny Tompo dia nanambara soratra masina fanampiny izay manamafy sy manazava ary manitatra ny fahalalantsika momba ny fahamarinana" (12).

Ireo fanalahidin'ny Fisoronana na ireo ôrdônasin'ny famonjena naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith sy ny fomba nitahian'izany ny fiainanao:

- Nandray ireo "fanalahidin'ny asa fitoriana sy ny fianakaviana mandrakizay ary ny asa atao any amin'ny tempoly" i Joseph Smith (14).
- "Alohan'ny hahazoana manao batisa ny olona dia tsy maintsy manetry tena izy ireo, efa nibebaka, vonona ny hitondra ny anaran'i Jesoa Kristy, ary manana finiavana hanompo Azy hatramin'ny farany" (6).
- "Mba hahazoana ny ambaratonga avo indrindra ao amin'ny fanjakana selestialy, dia tsy maintsy miditra ao amin'ny fanekempihavanana vaovao sy maharitra mandrakizain'ny fanambadiana ny olona" (19).

# I Jesoa Kristy sy ny filazantsara maharitra mandrakizay (Fianarana ny filazantsara faha-250)

## Fanontaniana



1. Inona no azoko ianarana avy amin'ny Mpamonjy momba ny fankatoavana ny sitrapon'ny Ray any An-danitra?

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Ireo fampianarana na ohatra avy amin'ny asa fanompoana mandrakizay nataon'ny Mpamonjy izay maneho ny fankatoavany ny Ray any An-danitra.
   - Ny fomba ifandraisan'ny fankatoavan'i Jesoa ny Ray any An-danitra sy ny maha-mpianatra anao manokana.
   - Ny antony maha-zava-dehibe aminao ny ohatry ny fankatoavana nasehon'ny Mpamonjy sy ny fomba anampiany anao hanao ireo dingana ilainao mba hampatanjaka bebe kokoa ny maha-mpianatra anao.
   - Ny fomba ahafahan'ny ohatry ny fankatoavana nasehon'ny Mpamonjy manampy anao mba hankatò ny sitrapon'ny Ray any An-danitra.

2. Nahoana aho no mila ny Mpamonjy?

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Ireo sakana lehibe indrindra izay tsy maintsy resentsika noho ny toetry ny fahalavoantsika.
   - Ny fomba hahafahan'ireo anjara asa isan-karazany nosahanin'ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany mandrakizay manampy ireo zanaky ny Ray any An-danitra mba handresy ireo sakana ireo.
   - Ny zavatra tokony hataontsika mba hanekena sy hanasana ny fanampian'ny Mpamonjy.
   - Fomba iray farafahakeliny izay nahatsapanao ny fanampiana masin'ny Mpamonjy teo amin'ny fiainanao tamin'ny fandresena ny olana sy ny sakana.

3. Inona ny zavatra nianarako tato amin'ity fandaharam-pianarana ity momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsara maharitra mandrakizay ka nitahy ny fiainako?

Afaka mifototra amin'ireo hevitra na mampifandray ireo hevitra avy amin'ireo valinteninao teo aloha ianao na manoratra lohahevitra vaovao.

- Lazao ao anatin'ny fehezan-teny iray na roa ny fotopampianarana izay nianaranao.
- Hazavao amin'ny fampiasana ohatra avy ao amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany io fotopampianarana io.
- Zarao ny fomba nitahian'ny fampianarana, na ny ohatra, na ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ny fiainanao.
- Soraty ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny zavatra nianaranao mikasika an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsara maharitra mandrakizay.

## Ireo hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana

Ireto fampahafantarana manaraka ireto dia nangonina avy tamin'ny fampiasana ireo hevi-baventy hita ao anatin'ireo lesona ao amin'ity fandaharam-pianarana ity. Ny tarehimarika ao anaty fononteny izay manaraka ireo teny nindramina dia manondro ny laharan'ny lesona ao amin'ny *Boky torolalana ho an'ny mpampianatra: I Jesoa Kristy sy ny Filazantsara maharitra Mandrakizay* (2015) izay afaka ahitana ilay teny nambara. Ampitahao amin'izao fampahalalana eto ambany izao ny valinteninao. Raha toa ka misy hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana avy amin'ity famerenana ity izay tsy nampidirinao tao amin'ny valinteninao dia hatsarao aloha ny valinteninao mialoha ny hanaterana izany. Tsy voatery handika ara-bakiteny ity fampahalalana ity ao amin'ny valinteninao ianao fa ataovy fotsiny izay hahatakaranao ireto fotopampianarana ireto ka ampitao izany fahatakarana izany. Koa satria mitaky valiny mahakasika ny tena manokana ny fanontaniana faha-3 dia tsy misy hevi-baventy ho an'izany fanontaniana izany.

1. Inona no azoko ianarana avy amin'ny Mpamonjy momba ny fankatoavana ny sitrapon'ny Ray?

   Ireo fampianarana na ohatra avy amin'ny asa fanompoana nataon'ny Mpamonjy izay maneho ny fankatoavany ny Ray any An-danitra:

   - "Voafidy hatrany am-boalohany indrindra i Jehovah. Ny antony iray naha-voafidy an'i Jehovah dia noho Izy nikatsaka ny hanao ny sitrapon'ny Ray sy hanome ny voninahitra rehetra ho an'ny Ray" (2).
   - "Na dia tsy nanam-pahotana aza [i Jesoa Kristy] dia natao batisa mba hanatanterahana ny fahamarinana rehetra" (8; "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Ensign* na *Liahona,* Apr. 2000, 2).
   - "Ny drafitry ny famonjena dia nitaky an'i Jesoa mba ho mpankatò tanteraka mba hahafahany manatanteraka ny Sorompanavotana" (9).
   - "Tsy manao na inona na inona ho ahy Aho; fa araka ny nampianarin'ny Raiko Ahy … ; satria Izaho manao izay sitrany mandrakariva" (Jaona 8:28–29).

   Ny fomba ifandraisan'ny fankatoavan'i Jesoa ny Ray amin'ny maha-mpianatra anao manokana:

- "Tahaka ny Mpamonjy, isika ihany koa dia manatanteraka fahamarinana rehefa manaiky ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ilay filazantsara mandrakizay" (8).
- "Ny hoe mpianatr'i Jesoa Kristy dia mitaky fankatoavana sy fahafoizan-tena. … Ny maha mpianatra dia mitaky ny fahavononantsika tsy tapaka ny hahafoy ny zava-drehetra ka hanaraka an'i Jesoa Kristy" (10).
- "Afaka mahazo hery isika handresena ny fakampanahy sy ho mpankatò rehefa manaraka ny ohatr'i Jesoa Kristy amin'ny fikatsahana ny hanao ny sitrapon'ny Ray fa tsy ny sitrapontsika manokana" (9).

2. Nahoana aho no mila ny Mpamonjy?

   Ireo sakana lehibe indrindra izay tsy maintsy resentsika noho ny toetry ny fahalavoantsika:

   - "Samy miaina ny fahafatesana ara-panahy daholo isika, satria tsy eo anatrehan' Andriamanitra, ary samy mandalo ny fahafatesana ara-batana isika, izay fahafatesan'ny vatantsika (jereo ny Alma 42:6–9; F&F 29:41–42)" (*Miorim-paka ao amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra mikasika ny Filazantsara* [2004], 15).
   - "Ao anatin'ny toetry ny fahalavoantsika dia miatrika fanoherana sy fakam-panahy isika. Rehefa manaiky ho azon'ny fakam-panahy isika dia manalavitra ny tenantsika amin' Andriamanitra (jereo ny Romana 3:23)" (*Miorim-paka ao amin'ny Finoana: Boky Fanovozan-kevitra mikasika ny Filazantsara,* 15).

   Ny fomba hahafahan'ireo anjara asa isan-karazany nosahanin'ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany mandrakizay manampy ireo zanaky ny Ray any An-danitra mba handresy ireo sakana ireo:

   - "Nahary ny tany i Jehovah mba hanomanana toerana hahafahan'ireo zanak' Andriamanitra miaina sy mivoatra mankamin'ny fiainana mandrakizay" (4).
   - "Amin'ny maha Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo an'i Jesoa Kristy dia afaka nanatanteraka ny Sorompanavotana Izy, izay nitaky Azy mba hiaritra mihoatra noho izay azon'ny olombelona mety maty zakaina, ary amin'izany no nanatontosany ny anjara asany tao amin'ny drafitry ny Ray" (7).
   - "Afaka mahazo fampiononana sy hery amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika mba hiaritra 'fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany' noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy (Alma 7:11)" (16).
   - "Noho ny Sorompanavotana sy ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty dia hitsangana amin'ny maty ny olona rehetra izay teraka teto an-tany" ka hoentina miverina eo anatrehan' Andriamanitra mba hotsaraina (19).
   - "Nandamina ny asa famonjena ho an'ny maty i Jesoa raha mbola tao amin'ny tontolon'ny fanahy" (18).
   - "I Jesoa Kristy no Mpisolovava antsika eo anatrehan'ny Ray" (24).

- “Hitsara antsika araka ny teny sy ny eritreritra sy ny asa ary ny fanirin’ ny fontsika ny Mpamonjy” (26).

Ny zavatra tokony hataontsika mba hanekena sy hanasana ny fanampian’ny Mpamponjy:

- “Afaka mandresy an’i Satana isika amin’ny fianteherana amin’i Jesoa Kristy izay nanatanteraka ny Sorompanavotana sy amin’ny fijoroantsika ho vavolombelona ary ny fijanonana ho marina amin’izany tenivavolombelontsika izany” (3).
- “Hahazo fitahiana lehibe kokoa isika any amin’ny mandrakizay rehefa misafidy ny hametraka ny Mpamonjy ho ivon’ny fiainantsika mandritra ity fiainana an-tany ity” (2).
- “Rehefa mandray ny fanasan’ny Tompo ombam-bavaka sy amin’ny fanahy mibebaka isika dia afaka mahazo famelan-keloka, tahaka ny tamin’ny fotoana nanaovana batisa antsika” (15).
- “Rehefa manaiky an’i Jesoa Kristy ka manao sy mitandrina ireo fanekempihavanana mba hankatò ireo didin’ Andriamanitra isika dia lasa ateraka ho zanakalahy sy zanakavavin’i Kristy” (24).

# Fampianarana sy fotopampianaran'ny Bokin'i Môrmôna (Fianarana ny filazantsara faha-275)

## Fanontaniana



1. Inona no anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiainanao?

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Ny tanjona voalohan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny anjara asan'izany eo amin'ny fampiorenana ny fahamarinana.
   - Fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay mandalina ny Bokin'i Môrmôna.
   - Nahoana no zava-dehibe ny mahatakatra ny maha-avy amin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna?
   - Fitahiana hitanao, tsapanao na niainanao tamin'ny alalan'ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna tao anatin'ity fandaharam-pianarana ity.
   - Ny fomba hihatsaran'ny fandalinanao sy ny fampiharanao ny Bokin'i Môrmôna raha mifototra amin'ny traikefa azonao tao anatin'ity fandaharam-pianarana ity.

2. Araka ny Bokin'i Môrmôna dia inona no nataon'i Kristy mba hahafahanao mahazo fisandratana?

   Tokony hahitana ireto ny valinteninao:

   - Fanazavana ny fotopampianaran'i Kristy sy ireo fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay miaina araka ny fampianarana avy amin'izany.
   - Ny fomba nandresen'i Kristy ireo sakana ara-panahy sy ara-batana ho antsika tsirairay.
   - Ny fomba nitombon'ny fankasitrahanao an'i Jesoa Kristy sy ny fanolorantenanao ho Azy nandritra ity fandaharam-pianarana ity.
   - Ny zavatra ataonao mba hanehoana fa manaiky an'i Jesoa Kristy ho Tompo sy Mpamonjy anao ianao.

3. Inona avy ireo fahamarinana avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nisy fiantraikany teo aminao?

   Afaka mifototra amin'ireo hevitra na mampifandray ireo hevitra avy amin'ireo valinteninao teo aloha ianao na manoratra lohahevitra vaovao.

- Mitanisà fitsipika na fotopampianarana telo hatramin'ny dimy avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay nianaranao na lasa manan-danja kokoa aminao noho ny fandraisanao anjara tamin'ity fandaharam-pianarana ity.
- Misafidiana fitsipika na fotopampianarana iray avy ao amin'ny zavatra notanisainao ary hazavao lalindalina kokoa izany ka mampiasà ohatra avy amin'ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany.
- Zarao ny antony maha-manan-danja aminao io fotopampianarana na fitsipika io ary ny zavatra hataonao eo anatrehan'izany.
- Soraty ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny zavatra nianaranao tamin'ny alalan'ny fandalinanao ny Bokin'i Môrmôna nandritra ity fandaharam-pianarana ity.

## Ireo hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana

Ireto fampahafantarana manaraka ireto dia nangonina avy tamin'ny fampiasana ireo hevi-baventy hita ao anatin'ireo lesona ao amin'ity fandaharam-pianarana ity. Ny tarehimarika ao anaty fononteny izay manaraka ireo teny nindramina dia manondro ny laharan'ny lesona ao amin'ny *Boky torolalana ho an'ny mpampianatra: Fampianarana sy Fotopampianaran'ny Bokin'i Môrmôna* (2015) izay afaka ahitana ilay teny nambara. Ampitahao amin'izao fampahalalana eto ambany izao ny valinteninao. Raha toa ka misy hevi-baventy ao amin'ny fotopampianarana avy amin'ity famerenana ity izay tsy nampidirinao tao amin'ny valinteninao dia hatsarao aloha ny valinteninao mialoha ny hanaterana izany. Tsy voatery handika ara-bakiteny ity fampahalalana ity ao amin'ny valinteninao ianao fa ataovy fotsiny izay hahatakaranao ireto fotopampianarana ireto ka ampitao izany fahatakarana izany. Koa satria mitaky valiny mahakasika ny tena manokana ny fanontaniana faha-3 dia tsy misy hevi-baventy ho an'izany fanontaniana izany.

1. 1.Inona no anjara asan'ny Bokin'i Môrmôna eo amin'ny fiainanao?

   Ny tanjona voalohan'ny Bokin'i Môrmôna sy ny anjara asan'izany eo amin'ny fampiorenana ny fahamarinana:

   - "Namoaka ny Bokin'i Môrmôna amin'ny andro farany Andriamanitra mba handresena lahatra ny olon-drehetra fa i Jesoa no Kristy" (1).
   - "Ny Bokin'i Môrmôna dia mirakitra ny fahafenoan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy" (6).
   - "Miara-mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna" (7).

   Fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay mandalina ny Bokin'i Môrmôna.

   - "Ireo fampianarana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manan-danja lehibe ho antsika ankehitriny satria ireo mpanoratra dia nahafantatra ireo olana izay ho atrehintsika" (6).
   - "Rehefa mandalina ny Bokin'i Môrmôna isika ary mampihatra ny fampianarana raketiny, dia hamafisina hahatohitra ny devoly sy ny fampianaran-diso ary ireo hevi-dravin'izao tontolo izao isika" (11).

2. Araka ny Bokin'i Môrmôna dia inona no nataon'i Kristy mba hahafahanao mahazo fisandratana?

   Fanazavana ny fotopampianaran'i Kristy sy ireo fitahiana nampanantenaina ho an'ireo izay miaina araka ny fampianarana avy amin'izany:

   - "Rehefa manatona an'i Kristy sy mitandrina ireo didy isika, dia ho tonga bebe kokoa tahaka Azy sy ny Raintsika any An-danitra, ary dia ho voavonjy" (3).
   - "Raha miaina araka ny fotopampianaran'i Kristy isika dia afaka handray ny fitahian'ny Sorompanavotana ary hahazo ny fiainana mandrakizay" (8).
   - "Mba handraisana ny fitahiana feno famindram-pon'ny famelan-keloka dia tsy maintsy mampihatra finoana an'i Jesoa Kristy ho amin'ny fibebahana isika" (16).

   Ahoana no fomba nandresen'i Kristy ireo sakana ara-panahy sy ara-batana ho antsika tsirairay:

   - "I Jesoa Kristy dia nandresy ny vokatry ny fahafatesan'ny vatana sy ny fahafatesana ara-panahy tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany" (5).
   - "Ny Mpamonjy dia nitondra teo Aminy ny fanaintainantsika, ny aretintsika, ary ny rofintsika mba hahafahany manampy antsika rehefa miatrika ireo fanambin'ny fiainana an-tany isika" (5).
   - "Satria efa nanapaka ny famatoran' ny fahafatesana i Jesoa Kristy dia hitsangana amin'ny maty sy handray vatana tsy mety maty isika tsirairay avy" (18).

# Ireo taranja ankapobeny azo safidiana hatao na tsia

## Toromarika ho an'ny mpampianatra



Ity Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana ity dia azo ampiasaina miaraka amin'izay mety ho fandaharam-pianarana ao amin'ny institiota, kanefa tsy fandaharam-pianarana Vatofehizoro kosa. Izany dia ahitana fanontaniana izay fameno manan-danja an'ireo vakiteny nampanaovina sy ny fandraisana anjara ao amin'ny kilasy. Ny fanasana sy fanampiana ny mpianatra handalina, hampihatra, hirakitra an-tsoratra, ary hizara ireo fitsipika sy fotopampianarana dia afaka manampy azy ireo hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananan'izy ireo sy hampiorim-paka ny fiovam-pon'izy ireo.

Araka ny toromarika avy aminareo, ny mpianatra dia hamaly fanontaniana telo amin'ireo fanontaniana fito hita ao amin'ny taratasy torolalana ho an'ny mpianatra. Voalohany indrindra aloha diatokony hosintonina avy ao amin'ny zavatra izay nianarany sy nampiharíny nandritra ilay fandaharam-pianarana ny valintenin'ny mpianatra. Na dia mety hitaky fanamboarana miankina amin'ny kilasy na ny mpianatra tsirairay aza ny antsipirian-javatra maro amin'ny fanatanterahana ny Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana dia hanampy anao sy ny mpianatrao mba hanana traikefa mahomby ireto dingana manaraka ireto:

1. *Miomana:* Mialoha ny hanombohan'ny fandaharam-pianarana dia avereno jerena ireo fanontaniana ary manaova drafitra ny amin'ny fanatanterahana ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana. Ny fiomananao dia mety ahitana ireo fomba hampahafantarana ireo fanontaniana amin'ny mpianatra sy hanazavana ireo zavatra andrasana mikasika ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana, toy ireo daty hanaovana famerenana sy hanaterana ny valintenin'ny mpianatra, ny halavan'ny valim-panontaniana andrandraina, ary ny endrik'ireo valim-panontaniana. Amporisihina ny hamerenanao mijery ny tsirairay amin'ireo valinteny telo avy amin'ny mpianatra amin'ny andro telo samy hafa araka izay safidinao mandritra ilay fandaharam-pianarana.
2. *Mametraka mazava tsara amin'ny mpianatra ny zavatra andrasana aminy:* Eny amin'ny fiandohan'ny fandaharam-pianarana dia omeo ny tahadikan'ireo fanontaniana hita ao amin'ny taratasy torolalana ho an'ny mpianatra ny tsirairay amin'izy ireo. Izany dia hanome fotoana ampy ho an'ny mpianatra tsirairay mba handalina sy hampihatra ary hirakitra an-tsoratra ny valim-panontanian'izy ireo mandritra ny enim-bolana. Ampio izy ireo hahatakatra ny tanjon'ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana. Ampahalalao mazava ireo zavatra andrasanao amin'ny valintenin'izy ireo, ka tadifitra ao amin'izany ireo daty hanitsiana izany sy hanaterana izany.

3. *Manara-maso:* Ampaherezo sy ampio tsy tapaka ny mpianatra rehetra mandritra ny fandaharam-pianarana rehefa miezaka mba hahavita ireo fanontaniana ao amin'ny Asondroty ny traikefa amin'ny fianarana. Mitadiava fomba hampifandraisana ireo fanontaniana amin'ny fandaharam-pampianarana, na hampidirana azy ireo ao amin'ireo zavatra izay atao ao an-dakilasy. Azonao atao ny manasa ny mpianatra hitady ny valintenin'izy ireo ao an-dakilasy na ivelan'ny fotoana fianarana na izy roa miaraka.
4. *Manao famerenana sy fanitsiana:* Amin'ireo andro voatondronao hanaovana ny famerenana dia asao sy ampahatsiahivo ireo mpianatra mba hitondra ny valintenin'izy ireo amin'ireo fanontaniana nomena tao am-pianarana. Asao izy ireo mba hanazava sy hizara ary hijoro ho vavolombelona ao anatin'ny valintenin'izy ireo momba ny zavatra izay nianarany sy nampihariny avy tamin'ilay fandaharam-pianarana. Mety hahazo tombontsoa ny mpianatra rehefa miara-mamerina mijery tsiroaroa na ao anatin'ny vondrona kely ny asan'ny tsirairay. Azonao atao ny manasa ireo mpianatra mba hanatsara ny valintenin'izy ireo raha ilaina mialoha ny hanateran'izy ireo izany.
5. *Manatitra ny valinteny:* Mahatontosa ny Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana ny mpianatra rehefa manatitra ny valin'ireo fanontaniana telo rehetra araka ny zavatra izay andrasanao. *Na dia raisina an-tanan-droa aza ny hevitrao mikasika ireo valintenin'ny mpianatra dia tsy voatery atao izany.* Raketo ao amin'ny firaketana naoty WISE izany ho an'ireo mpianatra izay nanatitra ny valintenin'izy ireo.

*Fanamarihana:* Ataovy izay hananan'ireo mpianatra manana filàna manokana, na fahasembanana, na olana ara-pahasalamana ny zavatra ilain'izy ireo mba handraisany anjara amin'ity fitsapam-pahaizana ity mitovy amin'izay ataon'ireo mpianatra namany. Mety ho fanaovana printy zavatra nohalehibeazina na fitaovana navadika ho horonampeo ny fanovàna sasany atao mba hahafahan'ny mpianatra mamita ny valinteny miaraka amin'ny fanampian'ny hafa, mba hahafahan'izy ireo manatitra valinteny am-bava fa tsy an-tsoratra, na manonona ny valintenin'izy ireo amin'ny mpitantsoratra na fitaovana fakàna feo iray. Tsidiho ny lds.org/topics/disability mba hahitana ireo fampahafantarana ankapobeny momba ny fanampiana ireo olona manana fahasembanana.

## Toromarika ho an'ny mpianatra

Ny Asondroty ny Traikefa amin'ny Fianarana dia ahitana fanontaniana maromaro izay fameno manan-danja amin'ny fandraisanao anjara ao am-pianarana sy amin'ny fandalinanao ireo zavatra asaina vakina. Hanampy anao hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona anananao sy hampiorim-paka ny fiovamponao ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny manao zavatra araka ny valin'ireo fanontaniana ireo mandritra ny fandaharam-pianarana rehefa mandalina, mampihatra, mirakitra an-tsoratra ary mizara ireo fitsipika sy fotopampianarana ianao.

Amin'ny alalan'ny fisintonana zavatra avy amin'ny fotopampianarana sy ireo fitsipika ary fampahalalana izay nohalalininao sy nampiharinao nandritra ity fandaharam-pianarana ity dia valio ny TELO amin'ireto fanontaniana fito manaraka ireto. (Mety hanome fanontaniana manokana ny mpampianatra anao.) Saintsaino ireo tolo-kevitra ao amin'ny fizarana "valinteny" etsy ambany rehefa

mandrafitra ny valinteninao ianao. Mivonòna hizara ny zavatra izay nohalalininao sy nampiharinao amin'ny alalan'ny fitondrana ny valinteninao any an-dakilasy amin'ireo daty hanaovana famerenana narindran'ny mpampianatra anao.

## Fanontaniana

1. Tamin'ny fomba ahoana no nahafahanao nahafantatra bebe kokoa ny Rainao any An-danitra?
2. Inona no nanampy anao hahatakatra sy hiantehitra bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany?
3. Tamin'ny fomba ahoana no nitomboan'ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny Famerenana amin'ny laoniny?
4. Inona no nanampy anao ho mendrika bebe kokoa ny handray ireo fitahian'ny tempoly?
5. Inona amin'ireo fahamarinana avy amin'ity taranja ity no nitahy ny fiainanao?
6. Tamin'ny fomba aho no nampatanjahanao ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba ny __________? (Hanome ny fitsipika na fotopampianarana ho an'ity fanontaniana ity ny mpampianatra.)
7. Nihatsara toy ny ahoana ny fiainanao noho ny fampitomboanao ny fahatakaranao momba ny __________? (Mifidiana IRAY amin'ireto lohahevitra ara-potopampianarana manaraka ireto.)
   - Ny Andriamanitra
   - Ny Drafitry ny Famonjena
   - Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy
   - Ny Famerenana amin'ny laoniny
   - Mpaminany sy fanambarana
   - Fisoronana sy fanalahidin'ny Fisoronana
   - Ôrdônansy sy fanekempihavanana
   - Fanambadiana sy fianakaviana
   - Ireo Didy

## Valiny


Eritrereto ny hampiditra izao manaraka izao ao amin'ny valinteny tsirairay:

- *Mifantena fotopampianarana iray* izay lasa manan-danja bebe kokoa aminao rehefa nandray anjara tamin'ity lesona ity ianao.
- *Hazavao ilay fotopampianarana* amin'ny fampiasana ny teninao manokana, ireo andalan-tsoratra masina, na ireo tenin'ireo mpaminany velona.
- *Mizarà zavatra niainana iray* izay nahatsapanao ny herin'ilay fotopampianarana teo amin'ny fiainanao vao tsy ela akory izay.

- *Zarao* hoe nampiorim-paka ny fiovamponao ho an'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tamin'ny fomba ahoana ny zavatra niainanao.


*Fanamarihana:* Raha manana filàna manokana, fahasembanana, na olana ara-pahasalamana ianao dia miresaha amin'ny mpampianatra anao mba hahafahany manisy fanovàna hanampiana anao hahavita ity traikefa ity.

# Diary fandalinana ny taranja



Mihazona diary fandalinana ny taranja izay iraketanao tsy tapaka ny zavatra izay ianaranao, sy ny fomba hampiharanao izany, ary ny fomba nanatanjahan'izany ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Hanampy anao hisaintsaina sy hamantatra ireo fitahiana marobe izay noraisinao avy tamin' Andriamanitra izany. Afaka ny ho loharanom-pitaomam-panahy sy hery ihany koa ilay diary. Rehefa akaiky hifarana ilay taranja dia hanao tatitra amin'ny mpampianatrao ny amin'ny fampiasanao tsy tapaka ny diary fandalinana ny taranja sy ny fomba nitomboan'ny finoanao an'i Jesoa Kristy noho ny traikefanao ianao.

Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott (1928–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:



"Soraty ao amin'ny toerana azo antoka ireo zavatra manan-danja izay nianaranao avy amin'ny Fanahy. Ho hitanao fa rehefa manoratra ireo fahatsapana sarobidy ianao dia hisy maro kokoa izay ho tonga matetika. Ny fahalalana azonao ihany koa dia ho azonao ampiasaina mandritra ny androm-piainanao manontolo" (Richard G. Scott, "To Acquire Knowledge and the Strength to Use It Wisely," *Ensign,* Jona 2002, 32).

Ny Filoha Henry B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany ihany koa dia nanambara ny maha-zava-dehibe ny firaketana an-tsoratra ireo hevitra nentanim-panahy:



"Tara fodiana aho rehefa avy namita andraikitra tany am-piangonana. …

"… Raha vantany vao tonga teo am-baravana aho dia nanako tao an-tsaiko ny hoe … 'tsy ho anao no nanomezako ireny traikefa ireny. Soraty izany.'

"… Ary rehefa nanao izany aho, dia nahatakatra ilay hafatra reko tao an-tsaiko. Tokony hanoratra aho mba hovakin'ireo zanako, indray andro any aoriana any, mikasika ny nahitako ny tanan' Andriamanitra nitahy ny fianakaviako. …


"Nanoratra andalana vitsy aho isan'andro nandritra ny taona maro. … Alohan'ny hanoratako, dia misaintsaina izao fanontaniana izao aho: 'Nahita ny tanan' Andriamanitra nanampy anay na ny zanakay na ny fianakavianay ve aho androany?' Rehefa nanao izany foana aho, dia nanomboka nisy zavatra nitranga. …

"Nihoatra noho ny fankasitrahana ny zavatra nitombo tao am-poko. Nitombo ny fijoroana ho vavolombelona. Nanomboka nahazo antoka mihoatra noho ny hatrizay aho fa ny Raintsika any

An-danitra dia mihaino sy mamaly vavaka. Nahatsapa fankasitrahana bebe kokoa aho noho ny fanalefahana sy ny fanadiovana ny fon'ny olona avy amin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Mpamonjy. Ary lasa nahazo toky kokoa aho fa ny Fanahy Masina dia afaka mampahatsiaro antsika ny zavatra rehetra—na dia ireo zavatra izay tsy tsikaritsika na tsy noraharahiantsika aza tamin'ny fotoana nisehoany" (Henry B. Eyring, "O Remember, Remember," *Ensign* na *Liahona,* Nôv. 2007, 66–67).

Ho fampahalalana bebe kokoa dia jereo ny 1 Nefia 1:1–3; 6:3–6; Almà 37:8–9; 3 Nefia 23:6–13; Mosesy 6:5, 45-46.

# Torolalana amin'ny tetikasa mikasika ny fianaran'ny tena manokana



Manolora ary manaova tetikasa mikasika ny fianaran'ny tena manokana, nankatoavin'ny mpampianatra anao, izay hanatsaranao ny fahatakaranao ny votoatin'ilay taranja, hampiharana ireo fotopampianarana sy fitsipika ao amin'ilay taranja, ary hikatsahanao ny hampitombo ny finoanao an'i Jesoa Kristy. Ireo tetikasa mikasika ny fianaran'ny tena manokana dia mety ahitana:

- Fandalinana lohahevitra ara-pilazantsara iray avy ao amin'ilay taranja izay mahaliana anao.
- Famantarana ny zava-mitranga tena misy eo amin'izao tontolo izao sy ny fampiharana ny votoatin'ilay taranja amin'ny fanadihadiana tranga iray.
- Famoronana loharano (ohatra: tambazotra ifaneraserana, sary kanto, mozika, sy ny sisa) mifototra amin'ny votoatin'ilay taranja izay ho zava-tsarobidy ho an'ny hafa.

Ireo dia ohatra vitsivitsy monja amin'ny zavatra azonao atao. Mba hanatontosana ny zavatra takina amin'ilay taranja, ilay tetikasa dia tsy maintsy:

- Ankatoavin'ny mpampianatra anao.
- Mifanaraka amin'ny votoatin'ilay taranja ary ahitana fanaovan'ny tena fampiharana.
- Ahitana tatitra ny amin'ny zavatra nataonao sy ny lanjan'izany ho anao sy ho an'ny hafa.

Saintsaino ombam-bavaka ny tetikasa izay hanan-danja aminao. Azonao atao ny mifanakalo hevitra momba ireo tetikasa azo atao miaraka amin'ireo mpiara-mianatra aminao, na mpampianatra anao, na ireo olona amin'ny fianakavianao, na ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana. Raha toa ka manana fanontaniana momba ny mahamety ny tetikasa iray ianao dia miresaha amin'ny mpampianatra anao.

# Fikarakarana ireo mpianatra manana fahasembanana



Ny tanjon'ny fanaovana fikarakarana manokana amin'ny Asondroty ny Traikefan'ny Fianarana (ATF) dia ny hanomezana fahafahana an'ireo mpianatra manana filàna manokana, na manana fahasembanana na manana olana ara-pahasalamana, handray anjara amin'ireo fitsapam-pahaizana ATF mitovy amin'ny ataon'ireo mpianatra hafa. Ny mpampianatra dia tokony hanao fikarakarana mifanaraka amin'ireo zavatra manokana ilain'ny mpianany, na fahasembanana na olana ara-pahasalamana izay manjo ny mpianany. Ireto misy torolalana izay tsara arahina rehefa mikarakara ny mpianatrao ianao:

- Jereo ny mpianatra izay mety mila zavatra manokana na manana fahasembanana. Miresaha mitokana miaraka amin'ny mpianatra tsirairay mba hahafantarana ny zavatra ilainy manokana. Mihainoa tsara ary jereo ny lafy tsarany.
- Miaraha miasa amin'ireo ray aman-dreny sy mpitarika ao amin'ny Fiangonana amin'ny famolavolana drafitra izay mifanaraka tsara amin'ny zavatra manokana ilain'ilay mpianatra. Na dia azo atao aza ny mandefa ny ATF any an-tranon'ny mpianatra, dia fantaro izay mety ho vesatra aterak'izany ho an'ny ray aman-dreny. Ataovy izay rehetra azonao atao mba hahitana ny fomba mahomby indrindra hanampiana ireo mpianatra sy ireo ray aman-dreny.
- Ataovy ny fikarakarana. Tokony hijanona ho tsiambaratelo ny fikarakarana atao amin'ny isam-batan'olona. Tsy ary ho voatanisa avokoa ireo fikarakarana rehetra izay azo atao kanefa ireto kosa misy ohatra amin'izany:
    - *Fomba fanazavana:* Omeo ny horonampeo mirakitra ilay fitsapam-pahaizana ny mpianatra ATF, ataovy am-bava ny fanazavana ny torolalana sy ny fitsapam-pahaizana ATF, na omeo ilay bokikely misy ny fitsapam-pahaizana ATF amin'ny tarehintsoratra vaventy ny mpianatra.
    - *Valiny:* Avelao ny mpianatra hilaza am-bava ny valim-panontaniany amin'ny ATF, na avelao hotononina amin'ny mpitantsoratra iray na raketina amin'ny fandraisam-peo iray ny valim-panontaniana.
- Sorohy ny fikarakarana izay manova na mampihena ny zavatra antenaina amin'ny fianaran'ny mpianatra.
- Manàna fitiavana tahaka ny an'i Kristy ho an'ny mpianatra tsirairay avy, ary araho ny bitsiky ny Fanahy eo am-panaovanao ny fikarakarana mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ny mpianatra.

- Tsidiho ny lds.org/topics/disability mba hahitana ireo fampahafantarana ankapobeny fanampiny momba ny fanampiana ireo olona manana fahasembanana.

NY FIANGONAN' I

# JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY
4 02147 33654 5
14733 654